

ALPHONSE RAKOTOZAFY
MPAMPIANATRA

Ratsimba valo mianaka



Boky famakianteny malagasy

*Cours élémentaire - Cours moyen
Ecoles rurales de 1^{er} cycle*

**EDICEF
TRANO MPAMPIELY VAOVAO**

ALPHONSE RAKOTOZAFY

MPAMPIANATRA

Ratsimba valo mianaka



Boky famakianteny malagasy

Lahatsoratra izarana mamakiteny
feno hevitra sy torohevitra
mahaso ny olon-drehetra

Cours élémentaire - Cours moyen - Ecoles rurales de 1^{er} cycle

Illustrations de P. MAGNIN

EDICEF

93, rue Jeanne d'Arc - 75013 PARIS
B.P. 404 R1 - STRASBOURG

TRANO MPAMPIELY VAOVAO

Rue Dr Rasamimanana, Behoririka
B.P. 915 - ANTANANARIVO

Fitarihanteny

Tsy mitompo teny fantatra ny mpanoratra, nefa hafa lavitra noho ireo boky famakianteny malagasy efa misy amin'izao fotoana izao ity.

Nokendrena hisy ventimpahalalana ny ankabeazan'ireo lahasoratra; ary noheverin'ny mpanao fa sady mizatra ny vakiteny ny mpianatra no mitombo fahalalana amin-javatra maroloha.

Antoky ny fandrosoana ikezahana amin'izao toetrandro izao ny handalina ny fahaizana amin'ny sampam-pahalalana samihafa. Ary ny fianarana rehetra dia tokony hisy soa mivaingana raisina na mahaso. Tokony hanondrotra hatrany ny toetsaina, ny toepanahy, ny fomba fiainana.

Na hanapitra ny ambaratongam-pianarana rehetra, na hijanona eny antenantenan-dalana, na hahazo maripahaizana, diploma na tsia, rehefa nandia sekoly, dia tokony hisy tombontsoa mivaingana ho azo, ka hiavahana amin'ny tsy nandia fianarana, tsy hiavahana hanambonian-tena, sanatria : fa fiavaham-piainana sy fiavaham-pomba.

Ny tsipeliny narahina. - Hohazavaina indray ny tsipeliny, izany hoe ny fomba nanoratana ny teny. Iaraha-mahalala, fa betsaka ny teny manana endrika samihafa araka ny mpanoratra, izay tsy ifanarahana tanteraka.

Fitsipika telo no narahin'ny mpanoratra amin'ity boky ity :

1. - Ny teny milaza zavatra anankiray dia nosoratana tamin'ny teny anankiray :

- masoandro
- voninkazo
- raiamandreny
- fitotoambary
- fandefasampeo
- vaingandrano
- vaingandranomandry.
- fakantsary (appareil)

Noheverin'ny mpanoratra fa ara-drarin'ny io, raha sainina fa samihafa ny hoe :

- fitotoambary (laona, fanoto, milina)
- fitotoam-bary (fomba)
- fakan-tsary (fomba)

2. - Misy teny frantsay na anglisy na hafa izay efa nahazatra antsika ny nanoratra azy amin'ny endriky ny teny malagasy; tsy novana ireo fa narahina araka ny efa mahazatra :

- birao
- telegrama
- latabatra
- aeroplanina.

Indro kely anefa : ny feo vazaha « o », izay soratantsika ao, na o dia soratana « ô » ;

telefôna
ôtômbilina.

3. - Tsy nisalasalana kosa ny nanoratra amin-ny endriny marina ireo teny vahiny mety miova feo be loatra raha soratana amin'ny endrika gasy ; na mety misy fifangaroany :

banc
ban
frein
carburateur
Petromax
fauteuil.

Fampiasana ny boky. - Faranantsika amin'ny fomba fampiasana ny boky ity fitarihanteny ity.

Ho an'ny cours élémentaire sy ny cours moyen no niheverana azy, nefa tsy nalamina nanaraka ny ambaratongan'ny kilasy ny lahasoratra, fa nozarazaraina araky ny ventinkevitra eo amin'ny lahasoratra tsirairay.

Anjaranao mpampianatra ny mifidy sy mifantina izay tokony hampamakinao ireo cours roa ireo. Misy tsipiveitra momba izay heverin'ny mpanoratra ho antonona ny isan-kilasy avy ao amin'ny fanoroan-takelaka, nefa tsy voafehin'izany hianao mpampianatra.

Ao koa ny teny angatahina hohazavaina, nefa tsy voafatotra ho tsy maintsy ireo na hoe ho ireo ihany no hazavaina. Masimandidy koa hianao mpampianatra momba ireo. Hany hafatra izay heverin'ny mpanoratra ho aradrarin'ny : aoka mba ho resaka no hanazavana ny teny rehetra, arak'izay azo atao, izany hoe fanontaniana sy valiny.

Ary hafatrafarao ny mpianatra hamakivaky matetika ity boky ity eo anatrehan'ny raïamandreniny, na hampamaky azy an'ireo raïamandreniny na zokiny mahay mamakiteny nefa efa tsy mianatra intsony any antsekoly.

Dia fisaorana anao mialoha no amaranantsika azy, sy ny fangatahana anao hilaza izay hevitrao amin'ny mpanoratra momba ity boky ity, raha heverinao fa ilaina izany.